Ministeran'ny fanabeazam-pirenena

# Tale iray mandà volan'olona, manampatra fahefana



*Ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena etsy Anosy.*

Araka ny fitarainana mpanjaitra iray voarain'ny gazety ary nohamarinina, tale iray miasa ao amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena amin'izao fotoana no mandà tsy mety manefa volan'olona, mandà tsy mandoa ny volana mpanjaitra iray nomeny asa izany tale izany. Mitaraina ny « fournisseur » iray fa tamin'ny volana novambra 2021 ity tale ity dia nandeha nankany andafy, ka nampanamboatra « costard » miisa 15 tamin'io olona io, satria 15 andro hono izy any, ka mila misolo costard isan'andro. Hatramin'ity androany anefa dia tsy naloany ny vola vidin'ireo "costard" ireo. Raha mitaky ny volany ilay ramatoa mpanjaitra dia vavabe no azony amin'ity tale ity. Ankoatra izany, mafy ny tsindry mahazo ireo chauffeur na mpamily ao amin'ity fitaleavana ity, satria rehefa mission misy vola dia ny anarandrainy no ataony ao, kanefa io rainy io dia tsy mandeha manao mission akory rehefa amin'ny fotoana handehanany, fa izy no sady chauffeur no superviseur na mpanaramaso. Hainy ny miantso ireo chauffeur ireo rehefa amin'ny tombontsoany manokana, notereny niaraka taminy rehefa naka moto novidiany tany Antsirabe na tamin'ny firy alina no niala teto Antananarivo, toy izany koa ny nakany fiara novidiany tamin'iny RN7 iny. Misy fotoana koa io tale amin'ny UAES io, maka volan'ny mission, fa tsy mandeha, fa hampiarahany olona ny ordre de mission-ny ary matetika dia toerana lavitra toy ny any Fort-Dauphin sy Toliara, no safidiany amin'izany fa ireny no be vola (indemnité sy carburant).

Noho izany, dia mangataka fanadihadiana lalina ao amin'ity fitaleavana iray ao amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena ity ireo mpiasa ao. Ambarany, fa mitory azy izy ireo, satria tsy iray tsikombakomba amin'ny famoahana vola lava tsy ara-dalàna ataon'ity tale ity. Mihorohoro ny mpiasa satria milaza ho arovan'ny ministra ity tale ity. Koa manaitra ny mpanara-maso'ny ministera sy ny Bianco izy ireo, hijery akaiky izao toe-javatra izao.

**Ny Valosoa**

Coach Fabien

# «Trandraho ny talenta, ialao ny resy tsy miady dia… »

Ny fahaizana mitrandraka sy mampivelatra miandalana ny talenta voajanahary avy amin'Andriamanitra, laroina fahavononana sy finoana lalimpaka, ho amin'ny fandresena ireo endrika adim-piainana ary ny fahaizana mandalina sy manadihady ireo tranga rehetra miseho eto ambonin'ny tany. Ireo no azo ambara fa anisan'ny fanalahidy volamena antoka ho amin'ny fahombiazana eo amin'ny fiainan-janak'Olombelona, hoy ny Coach Fabien Rakotoarimanana.

Nomarihany fa anisan'ny olana goavana ankehitriny eo amin'ny Malagasy tsy higohany fahombiazana sy hibatany ny fandresena, ny toe-tsaina mora kivy sy resy tsy miady avy hatrany eo am-piatrehana ny onjam-piainana. Vokany, tsy afaka miseho masoandro ilay talenta voajanahary hiteraka loharanon-karena, fa saron'ireo fahalemena ireo. Ny fahaizana mandinika ny zava-mitranga sy ny fampifandrifiana izany amin'ny talenta voajanahary ihany koa no hahazoam-pahombiazana eo amin'ny fiainana ary hitarika hatrany amin'ny fahafahana mamorona orinasa madinika izay niainga tamin'ny tsy misy izany, hoy hatrany ny Coach Fabien. Takiana ihany koa ny hananana toe-tsaina tia mandray risika voalanjalanja sy voarefy eo am-pandraisana fanapahan-kevitra iray mba hiteraka vokatsoa izany.

Mila halavirina toy ny fasam-bao ilay toe-tsaina miiba sy ny fitiavan-tena diso tafahoatra ary tafiana ny herimbatana, herin-tsaina ary indrindra ny herim-panahy. Ity farany izay azo tovozina anatin'ny baiboly mirakitra ireo tenin'Andriamanitra. Tsy tongatonga ho azy, araka izany, ny fahombiazana fa mitaky fahavononana, fahaizana mandalina sy mamakafaka ary mandrindra ny fomba fisaina sy fiasa amin'ny talenta voajanahary ananan'ny tsirairay. Raha tanteraka ireo, ho afaka « hifampisintona miakatra ambony ny Malagasy rehetra ary hanjaka ny fifaliana, fanetren-tena ary ny fitiavana, izay antoky ny firindran'ny fiarahamonina sy ny fahombiazana ho an'ny isam-batan'olona eto am-pamakivakiana ny fiainana fandalovana. Aza adinoina ny manankina am-bavaka ny fiainanao isan'andro.

**Lalasoa Razafindrakoto**



*Ny Coach Fabien, vonona hizara ny mahasoa hatrany.*

Mpanao gazety ara-panatanjahantena

# Nifanakalo traikefa tetsy amin'ny Ans Ampefiloha ny UJSM

Herintaona latsaka kely taorian'ny nitsanganany ara-dalàna dia nifanakalo traikefa tetsy amin'ny Ans Ampefiloha, ireo mpikambana eo anivon'ny UJSM « Union des Journalistes Sportifs de Madagascar», notarihan'ny filohany Rasanda Serge ary mpanao gazety mpikambana nahatratra 20 isa teo.

Dingana voalohany amin'ireo fiofanana be dia be nofaritany tany am-boalohany ity fizarana traikefa, teo amin'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena Malagasy ity, ka nizaran'ireo "zoky" ny traikefa efa ananany avy ary nanontanian'ireo zandry taty afara ny olana sedrainy amin'ny fanatanterahana ny asa fitaterana an'ity vaovao ara-panatanjahantena ity . Nolalovana noresahana tao ny fanamorana fifandraisana amin'ireo loharanom-baovao isan-tsokajiny, ny fomba fanangonam-baovao sy famoahana vaovao amin'ny endriny mafonja kokoa, mba tsy ho mpitatitra voka-dalao fotsiny. Mila mahafehy ny taranja sy vaovao avoakany isika, satria mahafehy ny taranja ireo mpitantana rafitra, athleta na ireo mpijery sy mpamaky aza, ka mila mitandrina, mba tsy ho kianin'ireo mpanjifa ny vaovaontsika, hoy ny feo heno teny Ampefiloha tamin'io andro io.

Ho avy manaraka ny fiofanana tarihan'ireo zokibe miompana amin'ny sokajin-gazety samihafa, fahitalavitra, gazety an-tsoratra, radio ary ny vaovao « en ligne » .

Marihina fa nampiantrano an'ity fifakalozana traikefan'ny UJSM ity, tsy nisy tambiny ny ANS Ampefiloha ary nanampy teo amin'ny fanolorana maimaimpoana zava-pisotro isan-karazana koa, ny orinasa Star, izay eo akaikin'ny fanatanjahantena Malagasy hatrany efa fotona naharitraritra ihany izay.

Tolokevitra avy amin'ireo mpikambana tonga teny an-toerana ny mba hiarahana misintaka kely ivelan'ny renivohitra, hahafahan'ny mpikambana rehetra miala vonkina kely, ka tsy hieritreritra asa fanangonam-baovao mahazatra andavanandro mihitsy.

**Rainilita**



*Ireo avy amin'ny Ujsm teny amin'ny Ans Ampefiloha.*

Tompondakan'ny fibatana fonjamby 2022

# Zava-bita : "record de Madagascar" 5 no montsana

Nisongadina tamin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny taranja fibatana fojamby 2022, nokarakarain'ny «Fédération Malagasy d'haltérophilie, de musculation et de culturisme », notarihan'ny filohany, Randriamanarivo Harinelina, teny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano nandritra ny roa andro (sabotsy 11 sy alahady12 jona 2022), ny fanamontsanan'ireo athleta zava-bita: "record de Madagascar" niisa 5 be izao :

- I Tojo Alain Andriantsotohaina ohatra teo amin'ny -73 kg dia nahavita ny « épaulé-jeté » ho 170 kg raha 162 kg no vitany tamin'ny 2021. Voabatany ihany koa « à l'arraché » ny 132 kg amin'ny « total olympique de 302 kg ».

Teo amin'ny sokajin-danja 55 kg i Ricardo Elariont avy any Boeny dia nanamontsana ny zava-bitany teo aloha teo amin'ny "épaulé-jeté de 130 kg", nobatainy tamin'ny « arraché pour un total olympique de 230 kg ny « barre de 100 lg ».

Teo amin'ny sokajy vehivavy -76 kg i Solonanahary Axelle avy amin'ny Fosa Barbel Analamanga dia nibata ny « barre de 78 kg à l'arraché de 92 kg à l'épaulé-jeté pour un total olympique de 170 kg ».

Santionam-bokatra tamin'ity fifaninanana ity :

-Teo amin'ny sokajin-danja -59 kg vehivavy dia nohatsarain'i Sarah Anjelica avy any Boeny ny zava-bita teo amin'ny "arraché à 70 kg ".

-Andriantsitohaina Eric teo amin'ny -61 kg dia voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara indray raha nibata ny "barre de 108 kg, 140 kg à l'épaulé-jeté pour un total olympique de 248 kg ».

Randafiarison Rosina teo amin'y – 45 kg dia nahabata ny "65 kg à l'arraché, 81 kg à l'épaulé-jeté et 147 kg en total olympique ».



*Mpibata fonjamby Malagasy teny Ankorondrano.*

**Rainilita**